

Manolotra Ny Vatantsika

Voavidy tamin'ny sarany aho;
an'Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Zava-dehibe ny fahatakarana marina fa Jesosy dia nanavotra ny olona manontolo: fanahy, saina, ary vatana. Ny antony iray nanavotana ny vatana dia ny mba hahatonga azy ho tempolin’ny Tompo. Tsy hitoetra ao anaty tempoly izay mbola tsy navotan’ny Tompo, izay mbola an’i Satana. Tsy hitoetra ao izy. Efa navotana ny tenantsika mba hitoeran’Andriamanitra ao Aminy amin’ny alalan’ny Fanahiny Masina. Navotan’ny ràn’i Jesosy izy ireo.

Inona no valin-teny takian'Andriamanitra avy amintsika? Eto dia lasa tena azo ampiharina ary tena ilaina ho takatry ny saintsika. Hoy i Paoly:

> "Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany." (Romana 12:1)

Raha jerena izay rehetra nataon’Andriamanitra ho antsika tamin’ny alalan’ny nahafatesan’i Jesosy teo amin’ny hazo fijaliana, inona no andrasana havalintsika? Tokony hanolotra ny tenantsika ho sorona velona isika. Nahoana no “fanatitra velona”? Nampifanoharin’i Paoly ny sorona velona sy ny sorona tao amin’ny Testamenta Taloha, izay nahitana biby novonoina ary avy eo napetraka teo amin’ny alitaran’Andriamanitra ho fanatitra hamafa ny fahotana sy ny heloka. Hoy i Paoly, “Apetraho eo amin’ny alitaran’Andriamanitra ny vatanao, fa aza vonoina. Apetraho eo ambonin’ny alitara izany ho fanatitra velona.” Rehefa nametraka ny vatanao teo amin’ny alitaran’Andriamanitra ianao, dia tsy anao intsony izany. An’Andriamanitra izany. Izay rehetra natolotra ho sorona teo amin’ny alitaran’Andriamanitra dia lasa Azy.

Izany indrindra no asain'Andriamanitra ataontsika, dia ny hanolorana ny vatantsika ho Azy ho fanatitra velona, ny maha-tompo ny vatantsika ka mametraka azy eo an-tanan'Andriamanitra.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nividy ahy Ianao. Manambara aho fa atolotro ny tenako ho Anao ho fanatitra velona. Efa

© 2008 - Dries Du Plessis

olom-boavidy aho; An'Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-195-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

